

**REPOBLIKAN'I MADAGASIKARA**  
*Tanindrazana-Fahafahana-Fandrosoana*

**LOI n° 2001-008**

**autorisant la ratification de l'Accord de Prêt conclu le 08 mai 2001  
entre la République de Madagascar et le Fonds Africain  
de Développement relatif au financement du  
PROJET DE LUTTE PREVENTIVE ANTIACRIDIEENNE**

**EXPOSE DES MOTIFS**

Afin de soutenir et d'encourager les efforts du Gouvernement Malgache pour juguler l'invasion acridienne en cours et de prévenir les invasions futures, le Fonds Africain de Développement (FAD) lui a octroyé un prêt d'un montant équivalent à CINQ MILLIONS SEPT CENT SOIXANTE MILLE Unités de Compte (5.760.000 UC), soit environ 49, 489 milliards de FMG.

L'Accord de Prêt y afférent a été conclu le 08 mai 2001 à ABIDJAN.

**I - OBJECTIF DU PROJET**

L'objectif sectoriel du Projet intitulé : PROJET DE LUTTE PREVENTIVE ANTIACRIDIEENNE, est le renforcement de la sécurité alimentaire par la protection des cultures et des récoltes.

La mise en oeuvre de ce Projet permettra de prévenir les invasions acridiennes futures en maintenant la population acridienne en deçà du seuil de grégarisation sur une base pérenne.

**II - DESCRIPTION DU PROJET**

**-Les composantes du Projet**

Le Projet comprend les principales composantes ci-après :

## **Surveillance acridienne :**

Cette composante comprend :

- la détection et le contrôle précoce d'une augmentation de la population acridienne par la prospection ;
- l'intervention précoce et rapide contre les premiers regroupements de criquets ;
- l'appui aux bénéficiaires dans la sensibilisation, la formation et l'organisation ;

## **B - Recherche et formation**

La recherche consiste dans l'expérimentation et la diffusion de méthodes alternatives (lutte biologique) en réponse aux exigences de la préservation de l'environnement.

La formation consiste dans le renforcement des capacités nationales en matière de lutte antiacridienne.

## **C - Gestion et coordination du Projet**

### **2 - Lieu d'implantation**

Le Projet ciblera l'aire grégarigène du criquet migrateur située dans la partie Sud et Sud-Ouest de Madagascar (Faritany de Toliary et Fianarantsoa) et hors zone grégarigène (partie Nord).

### **3-Organe d'exécution**

L'organe d'exécution du Projet sera le Centre National Antiacridien (CNA) au sein duquel sera constituée une cellule chargée du suivi du Projet et placée sous l'autorité du Directeur du CNA.

### **4-Durée du Projet**

Le Projet sera exécuté sur une période de CINQ (05) ans.

### **III - FINANCEMENT DU PROJET**

Le Projet, dont le coût total est estimé à 10,44 millions d'UC, sera cofinancé par le FONDS AFRICAIN DE DEVELOPPEMENT, le FONDS D'ASSISTANCE TECHNIQUE (FAT), l'UNION EUROPEENNE, la MISSION FRANCAISE DE COOPERATION ET D'ACTION CULTURELLE (FAC), le GOUVERNEMENT MALGACHE et les BENEFICIAIRES suivant le plan de financement ci-après :

<b><u>SOURCES DE FINANCEMENT</u></b>	<b><u>MONTANT (en millions d'UC)</u></b>	<b><u>% DU TOTAL</u></b>
- FAD	5,76	55,2
- FAT	1,16	11,1
- UE	1,56	15,0
- FAC	0,84	8,0
- GOUVERNEMENT MALGACHE	1,09	10,5
- BENEFICIAIRES	0,03	0,2
<b>TOTAL</b>	<b>10,44</b>	<b>100,-</b>

### **IV - CONDITIONS FINANCIERES DU PRET FAD**

- a) **Montant** : 5.760.000 UC ;
- b) **Durée de remboursement** : sur une période de 40 ans, après un différé d'amortissement de 10 ans ;
- c) **Remboursement du principal** : en 80 versements semestriels consécutifs, payables les 1<sup>er</sup> avril et 1<sup>er</sup> octobre , à raison de 1% par an entre les 11<sup>e</sup> et 20<sup>e</sup> années et 3% par an les années suivantes ;
- d) **Commission de service** : au taux de 0,75% par an, sur le montant décaissé et non encore remboursé ;
- e) **Commission d'engagement** : au taux de 0,50% par an, sur le montant du prêt non décaissé, commençant à courir 120 jours après la signature de l'Accord.

Les commissions sont payables semestriellement les 1<sup>er</sup> avril et 1<sup>er</sup> octobre de chaque année.

Aux termes de l'article 82. 3, paragraphe VIII de la Constitution : « La ratification ou l'approbation ..., de traités ou d'accords..., qui engagent les finances de l'Etat, ..., doit être autorisée par la Loi ».

Tel est, l'objet de la présente Loi.

**REPOBLIKAN'I MADAGASIKARA**  
***Tanindrazana-Fahafahana-Fandrosoana***

**LOI n° 2001-008**

**autorisant la ratification de l'Accord de Prêt conclu le 8 mai 2001  
entre la République de Madagascar et le Fonds Africain de Développement  
relatif au financement du PROJET DE LUTTE PREVENTIVE  
ANTIACRIDIDIENNE.**

L'Assemblée nationale et le Sénat ont adopté en leur séance respective en date du 11 juillet 2001 et du 23 juillet 2001, la Loi dont la teneur suit :

**ARTICLE PREMIER.**- Est autorisée la ratification de l'Accord de Prêt conclu le 08 mai 2001 entre la République de Madagascar et le Fonds Africain de Développement relatif au financement du PROJET DE LUTTE PREVENTIVE ANTIACRIDIDIENNE, d'un montant de CINQ MILLIONS SEPT CENT SOIXANTE MILLE Unités de Compte (5.760.000 UC).

**ARTICLE 2 :** La présente Loi sera publiée au Journal Officiel de la République.

Elle sera exécutée comme Loi de l'Etat.

Antananarivo, le 23 juillet 2001.

**LE PRESIDENT DU SENAT,  
NATIONALE,**

**LE PRESIDENT DE L'ASSEMBLEE**

**RAKOTOMANANA Honoré.**

**ANDRIANARISOA Ange C. F.**

REPOBLIKAN'I MADAGASIKARA  
Tanindrazana-Fahafahana-Fandrosoana

-----

**LALANA LAHARANA FAHA 2001-008**

**Anomezan-dàlana ny fankatoavana ny Fifanarahana  
Fampisamboram-bola tamin'ny faha 08 mey 2001, ifanaovan'ny  
Repoblikan'i Madagasikara sy ny Tahiry Afrikana ho an'ny  
Fampandrosoana (FAD) momba ny famatsiam-bola ny TETIKASA  
ADY HO FIAROVANA AMIN'NY ANDIAM-BALALA.**

FAMELABELARANA NY ANTONANTONY

Ho fanohanana sy ho famporisihana ny ezaky ny Governemanta Malagasy mba hifehezana ny fihanaky ny andiam-balala efa misy sy hiarovana amin'ny fanafihana ho avy, ny Tahiry Afrikana ho an'ny Fampandrosoana (FAD) dia nampindrana azy vola mitentina ENINA ALINA SY FITO HETSY SY DIMY TAPITRISA Unités de Compte (5.760.000 UC), sahabo ho 49,489 lavitrisa iraimbilanja malagasy.

Ny Fifanarahana Fampisamboram-bola momba izany dia nosoniavina tamin'ny faha 08 mey 2001 tany ABIDJAN.

**I. TANJON'NY TETIKASA**

Ny tanjona ankapoben'ny Tetikasa antsoina hoe TETIKASA ADY HO FIAROVANA AMIN'NY ANDIAM-BALALA dia ny fanamafisana ny fanampiana ara-tsakafo amin'ny alàlan'ny fiarovana ny voly sy ny vokatra.

Ny fanatanterahana ity Tetikasa ity dia ahafahana miatrika ny fanafihan'ny andiam-balala ho avy amin'ny alàlan'ny fihazonana ny andiam-balala tsy hihoatra ny « seuil de grégarisation » mandritra ny fotoana maharitra.

## **II. FAMARIPARITANA NY TETIKASA**

### **1 - NY SOKAJIN'NY TETIKASA**

Ny Tetikasa dia ahitana ireto sokajy telo lehibe ireto :

#### **A. Fiambenana ny andiam-balala.**

Ity sokajy ity dia misy :

- ny fijerena sy ny fanarahamaso mialoha ny fitombon'ny andiam-balala amin'ny alàlan'ny fitiliana ;
- fiatrehana mialoha sy haingana ny andiam-balala voalohany ;
- fanohanana ireo mpahazo tombontsoa amin'ny fanentanana, ny fanofanana ary ny fandaminana.

#### **B. Fikarohana sy fanofanana**

Ny fikarohana dia mikasika ny fanandramana sy ny fanaparitahana ny fomba mifanelanelana ( lutte biologique ) takian'ny fiarovana ny tontolo iainana.

Ny fanofanana dia mikasika ny fanamafisana ny enti-manan'ny firenena amin'ny ady hatao amin'ny andiam-balala.

#### **D. Fitantanana sy Fandrindrana ny Tetikasa**

### **2. Ny toerana hanaovana ny Tetikasa**

Ny Tetikasa dia hikendry ireo faritra « grégarigène » misy valala mpifindra-monina any amin'ny faritra Atsimo sy Atsimo Andrefan'i Madagasikara (Faritanin'i Toliary sy Fianarantsoa) ary ivelan'ny faritra « grégarigène » (faritra Avaratra).

### **3. Sampana mpanatanteraka ny Tetikasa**

Ny sampana mpanatanteraka ny Tetikasa dia ny « Centre National Antiacridien » ka ao anatiny no anorenana ny sampana hanaraha-maso ny Tetikasa ary ho eo ambany fiadidian'ny Talen'ny CNA.

### **4. Faharetan'ny Tetikasa**

Ny Tetikasa dia ho tanterahina mandritra ny Dimy (5) taona.

## **III. FAMATSIAM-BOLA NY TETIKASA**

Ny Tetikasa izay mitetina eo ho eo amin'ny 10,44 tapitrisa UC, dia

hovatsian'ny FAD, FAT, FIOMBONANA EROPEANA, FAC, ny GOVERNEMANTA MALAGASY ary ireo MPAHAZO TOMBONTSOA araka izao drafitra famatsiam-bola manaraka izao :

<b>LOHARANOM-BOLA</b>	<b>TETINY (an-tapitrisa UC)</b>	<b>ISAN-JATON'NY TOTALINY</b>
FAD	5,76	55,2
FAT	1,16	11,1
UE	1,56	15,0
FAC	0,84	8,0
GOVERNEMANTA	1,09	10,5
MALAGASY	0,03	0,2
MPAHAZO TOMBONTSOA		
	<b>10,44</b>	<b>100,-</b>
TOTALINY		

#### **IV. FEPETRAN'NY FAMPINDRAMAM-BOLA**

a) **Teti-bidy** : 5.760.000 UC ;

b) **Faharetan'ny famerenana** : mandritra ny 40 taona, aorian'ny folo taona (10) fandeferana tsy andoavana ;

d) **Famerenana ny renivola** : amin'ny alàlan'ny fandrotsaham-bola valopolo (80) mifanaraka isaky ny enim-bolana, aloa isaky ny voalohan'ny volana aprily sy voalohan'ny volana oktobra, ka 1%-n'ny renivola isan-taona eo anelanelan'ny faha-11 taona ka hatramin'ny faha-20 taona ary 3% isan-taona kosa ny taona manaraka ;

e) **Tambim-pampiasam-bola** : 0,75% isan-taona amin'ny vola mbola tsy nampiasaina nefa tsy voaverina ;

f) **Tambim-panekena** : 0,50% isan-taona amin'ny vola tsy nampiasaina, manomboka mihatra 120 andro aorian'ny fanaovan-tsonia.

Ny tambim-pampiasam-bola sy ny tambim-panekena dia aloa isaky ny enim-bolana ny voalohan'ny volana aprily sy ny voalohan'ny volana oktobra.

Araka ny voalazan'ny andininy faha-82.3, paragrafy VIII ao amin'ny Lalàmpanorenana : “ Tsy maintsy lalàna no manome alàlana hankatoavana... ny fifanarahana ... izay mampiditra andraikitra ho efaina amin'ny volam-panjakana, ...”

Izany sy izany, no anton'ity Lalàna ity.



**REPOBLIKAN'I MADAGASIKARA**  
***Tanindrazana-Fahafahana-Fandrosoana***

**LALANA LAHARANA FAHA- 2001-008**

**anomezan-dàlana ny fankatoavana ny Fifanarahana Fampisamboram-  
bola tamin'ny faha 08 mey 2001 ifanaovan'ny Repoblikan'i  
Madagasikara sy ny Tahiry Afrikana ho an'ny Fampandrosoana  
(FAD) momba ny famatsiam-bola ny TETIKASA ADY HO  
FIAROVANA AMIN'NY ANDIAM-BALALA**

Nolanian'ny Antenimierampirenena sy ny Antenimierandoholona tamin'ny fivoriana izay nataony avy ny faha-11 jolay 2001 sy faha-23 jolay 2001, izao Lalàna manaraka izao :

**ANDININY VOALOHANY.**- Omen-dàlana ny fankatoavana Fifanarahana Fampisamboram-bola tamin'ny faha 08 mey 2001 ifanaovan'ny Repoblikan'i Madagasikara sy ny Tahiry Afrikana ho an'ny Fampandrosoana (FAD), momba ny famatsiam-bola ny TETIKASA ADY HO FIAROVANA AMIN'NY ANDIAM-BALALA izay mitetina ENINA ALINA SY FITO HETSY SY DIMY TAPITRISA Unités de Compte (5.760.000 UC).

**ANDININY FAHAROA.**- Havoaka amin'ny Gazetim-panjakan'ny Repoblika izao Lalàna izao.  
Hankatoavina izany fa Lalàm-panjakana .

Antananarivo, faha 23 jolay 2001.

**NY FILOHAN'NY ANTENIMIERANDOHOLONA,  
ANTENIMIERAMPIRENENA**

**NY FILOHAN'NY**

**RAKOTOMANANA Honoré.  
F.**

**ANDRIANARISOA Ange C.**

